Ny Valosoa sy hadihady

Fiainana mpanao politika

Tsy levon'ny vavonin'i Deba mihitsy Ravalo

Miverimberina matetika ny resaka hoe adin'olon-droa hono no misy eto Madagasikara, dia ny adin'ny Filoha Ravalomanana sy ny Filoha ankehitriny Rajoelina , dia izany hatrany no voizin'ireo mitonona ho mpamakafaka politika sy mpandinika fiarahamonina ankehitriny .

Ny tanjon'ireny mpanao drindrangilo ireny dia ny hampitovy an'i Dada sy i Zandrikely, izay tsy azo ampitoviana velively, satria filoha voafidimbahoaka ara-dalàna ny Filoha Ravalomanana tamin'ny taona 2002 sy 2007, fa i Rajoelina kosa nanongampanjakana tamin'ny 2009 ary voafidy tamin'ny lisi-pifidianana feno hosoka tamin'ny 2018, ka raha ampilaharina izy roa tonta dia tsy hitovy mihitsy, fa ny tanjon'ireo midradradradra ny fampitoviana dia ny hampihen-danja ny Filoha Ravalomanana sy hampiaka-danja an-dRajoelina .

Aoka tsy ho hadinoina fa ny Filoha Ravalomanana no nampisy ny fampiasana ny vatam-pifidianana mangarahara, sy ny ranomainty tsy azo kosehina ahosotra amin'ny tanan'izay vao avy nandatsabato, ary ny fitondrana tetezamita notarihan-dRajoelina kosa no nampanao voalohany ny biletà tokana nanamora ny halabato.

Ny zava-nitranga tamin'ny herinandro lasa teo dia manaporofo fa saribakoly sy vatom-panorona ihany i Andry Rajoelina, fa i Ratsiraka sy ireo nanapotika ny firenena niaraka taminy no misintona ny tady sy manisaka ilay vatom-panorona.

I Deba no asaina misava lalana amin'ny fahitalavitra avy eo dia miteny amin'izay ny zavatra tsy fantany akory i Zandrikely ,mamaly ireo fanontaniana efa voaomana. Resaka fepetra momba ny koronaviriosy no nandrasan'ny vahoaka taminy , kanefa dia tsy nisy fanapahan-kevitra matotra na ny momba ny vaksiny na ny fihibohana, fa dia dokambarotra momba ilay Cvo+, izay nolazainy fa fampiasan'ny vehivavy tonga fadimbolana no betsaka.

I Deba moa dia fanaratsiana tsy mitombina an-dRavalo no efa fanaony , dia mody mitsikera an'i Zandrikely, avy eo dia niampanga indray ny efa maty ho namono ny Kolonely Ratsimandrava, fa naninona fony mbola velona ilay olona tsy navoaka ny " marina ", fa nandrasana ho faty ilay noampangaina , amin'izay dia tsy afaka hiteny intsony hiaro tena , fandatsana ny maty no dikan'izany fihetsik'i Deba izany ary olona roa samy efa maty no indray voalatsa.

Ny vahoaka malagasy tsy bado akory na dondrona araka ny filazan'ilay tomponandraikitra iray, fa mahay mihaino sy mijery ary mahafantatra ny mpandainga sy ny milaza ny marina, ka manomboka izao dia mazava ny sary araka ny fitenin-jatovo, fa tsy "adva" afaka milahatra amin-dRavalo i Zandrikely, satria tsy tompon-kevitra amin'izay ataony izy, fa fitaovana fotsiny ihany manatanteraka ny baikon-dry Ratsiraka sy ry Ratsirahonana ihany.

Ny Valosoa

Filoha Ravalomanana

Manamafy ny fitakiana vaksiny ho an'ny Malagasy

Nanamafy fitakiana vaksiny ho an'ny Malagasy ny filoha Marc Ravalomanana, eo amin'ny ady amin'ny valanaretina coronavirus eto amintsika. Noho izay antony izay, nandefa taratasy ho an'ny mpandrindra ny asan' ny Firenena Mikambana eto amintsika izy. "Andriamatoa Coordonnateur Résident, tena manahy mafy aho amin'ny fiparitahan' ny valanaretina COVID 19 sy ny tsy fisian'ny vaksiny ho an'ny Vahoaka Malagasy. Izany indrindra no anoratako aminao, ilazako fa tena ilaina ny fanaovana vaksiny, ary mangataka aminao aho hanampy an'i Madagasikara hahazo vaksiny amin'ny alalan'ny Alliance COVAX. Ny firenena Malagasy dia tokony ho ao anatin'ny lisitry ny firenena misitraka ny vaksiny. Tokony hisitraka ny vaksiny toy ireo firenena rehetra ao amin'ny Firenena Mikambana i Madagasikara, ary tsy tokony hisy firenena havahana. Resy lahatra aho fa tsy afaka hivoatra ny firenena raha tsy tsara tombona ny lafiny ara-politika ary raha tsy voafehy ny valanaretina. Betsaka ny mamoy ny ainy isan'ndro eo ampiandrasana ny fidirana ao amin'ny Alliance COVAX. Tsy azo ekena ny fialantsiny nohon'ny tsy fananana teti-bola amin' izany satria efa mamatsy ara-bola ny Alliance ny mpamatsy vola. Hatramin' izao dia vaksiny amampolony, efa vokarin'ireo laboratoara mpanao fanafody, no azon'ny firenena hisafidianana. Raiso, Andriamatoa Coordonnateur Résident, ny fiarahabana ombam-pirariantsoa atolotro anao », hoy ny votoatin'ity taratasy nalefan' ny filohan'ny TIM sy ny RMDM ity.

Niaina

Ny filoha Marc Ravalomanana.

Mamely ny valanaretina coronavirus

Miverina hihiboka ny any Mahajanga anio

Mamely mafy ny valanaretina coronavirus amin 'izao fotoana any Mahajanga faritra Boeny, noho izay antony izay, hiverina hihiboka ny any Mahajanga anio, araka ny fanambarana nataon'ny CRCO any an-toerana. Fepetra mihàtra ao anatin'ny faritra Boeny hanomboka anio talata 23 martsa amin'ny 6 ora maraina, ka hatramin'ny talata 6 aprily 2021:

-tsy maintsy manaja ny hetsika sakana ny rehetra.

-Mikatona ny fitaterana rehetra mampitohy an'i Mahajanga. -- Nametrahana barrage sécuritaire ao Andranofasika raha toa ka barrage sanitaire

Hangina indray ny tanànan'i Mahajanga amin'ny alina noho ny covid-19.

no ao Ambondromamy.

-Tsy mianatra ny mpianatra hanomboka anio, mandritra ny 15 andro, ireo toeram-panofanana sy fanaovana cours.

-Mirava amin'ny 4 ora tolakandro ny mpiasa rehetra na miankina na tsia.

-Tsy misy afaka mivezivezy aorian'ny amin'ny 10 ora alina (22h) any Mahajanga na olona na fiara, moto, bajaj, sns…

-Tsy afaka mamory olona mihoatra ny 200.

-Ny fiangonana afaka misokatra, fa tsy mihoatra ny 200 ny mpiangona.

-Ny fifaninanana ara-panatanjahatena : tsy azo atrehana

-Ny restaurant sy bar: mikatona amin'ny 9 ora alina (21h) avokoa.

-Mikatona avokoa ny toerana filanonana rehetra.

-Mikatona ny plage sy piscine.

-Tsy maintsy manao désinfection, handrarahana fanafody ny fiara rehetra isaky ny 72 ora.

-Noferana ho 2 ny olona entin'ny bajaj, iray ankoatra ny mpamily.

-Noferana ho 3/4 kosa ny mpandeha sambo sy vedette.

-Taxi be : tsy mampiasa strapontin sy tsy manao taingibe.

-Ny fiara rejionaly: 3 isaky ny seza ireo fiara minibus, raha 4 ny sprinter.

-Ny fitondrana razana tsy maintsy maka alalana manokana, raha misy tranga covid19 dia tsy maintsy alevina any ihany.

-Ny bazary rehetra misokatra ihany.

-Ny fahazon-dalana manokana tsy misy.

-Ny fanidina ny sisin-tany dia 15 andro.

Stefa

Depiote Randrianasolo Nicolas

Tokony hahay hihaino ny mpitondra

Milazaa ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny depiote voafidy tany Betroka, faritra Anôsy Randrianasolo Nicolas. Nilaza ity mpanao politika ity fa: "tsy tia Tanindrazana ny mpanao politika". Nanambara koa izy ho an'ny mpitondra, fa tsara ny mampanantena, tsara ny manao velirano, ... tsy ampy izany, fa ilana ny fitiavan-tanindrazana ny fitantanana... "Tsy tia Tanindrazana ny mpanao politika eto amintsika. Izay mandresy dia manenjika ny resy, ka managadra sy mandefa azy ireny any amponja. Tsara ny manorina ny fotodrafitr'asa kanefa ny olona noana ve ho afaka hilalao na hanao baolina kitra? Ny olona noana ve ho afaka ny hifantoka any an-tsekoly? Tokony hahay hihaino ny mpitondra, satria Tanindrazana iaraha-manana ity Madagasikara ity. Mila fitonian-tsaina ny vahoaka Malagasy", hoy ity olom-boafidy avy any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara ity.

Niaina

Ny depioten'i Madagasikara voafidy tany Betroka, Randrianasolo Nicolas.

TONONKALO

Ny manara-penitra

Dradraina fa manara-penitra ireo rehetra izay atao,
Na fananganana hopitaly na sekoly vaovao.
Dia hamarinina amin`ny teny sy kabary lava izao,
Kinanjo nony injay hatonina , to ilay hoe "dia gaga ianao" !

Vatan-trano no mba eo dia idobohana amponga.
Mitorombina amin`ny tany ireo ankizy sy kilonga.
Fe no lasa dabilio ka saino kely am-panajana,
`Zay ve `lay manara-penitra ry mpitondra fanjakana ?

Ny mpampianatra dia tena mila ho tapaka valahana,
Ka ny sezany any an-tranony no mba entiny hipetrahana.
Amin`ny "manara-penitra" , tsy dia mahamaika izany,
Fa dia hoe ny fidedahana , izay no lehibe hatrany !

Ny hopitaly izay najoro dia nitsofana trompetra,
Saingy tena mahakivy , mampikaika ny rehetra.
"Tsisy ny omena fotsiny", (izay no efa iomanana)
Na vohavoha na fanafody , eny hatramin`ny fonon-tanana !

Ary ity no mahagaga , na manara-penitra aza
Dia tsy misy mba mankao ny ngeza sy ny manan-daza,
Fa raha vao marary kely dia mamorona hafetsena
Hamita iraka any Andafy, hay mandeha mitsabo tena !

…Ilay "manara-penitra" eto , hay ve resaka matavy
Fa tsy hiditra ao mihitsy `nareo deba mianakavy ?
Ny vahoaka no misedra ny mangidy sy ny mafy
F`ianareo raha vao marary dia miondrana any Andafy ?

Raha izany , tsy mitovy ny manara-penitsika,
K`aoka izay ny fidedahana sy fitsofana mozika,
F`izahay dia tsy matoky sy tsy manantena intsony
Raha vao hoe "manara-penitra" dokafanao mpitondra ambony

TSIMIMALO (21-03-21)